TSARAMASAY

# VOATIFITRA TEO AMIN'NY LOHANY ILAY MPAMONGADY

4


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7756 Taona faha-25 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 28 desambra 2023


MARINA IZANY ! 7

MISY MIHETSIKETSIKA !

LIGIN'ANALAMANGA TAEKWONDO 2

TAFAVERINA HO FILOHA I FRANCK TIANA



GAZETY VALIHA ho hitanao ato 8

KABARIN'NY FILOHA FARAN'NY TAONA 7

# MIANDRANDRA FISONDRO-



(Sary fanehoana)

# TAN-KARAMA NY MPIASA

MASOMBOLY SY ZEZIKA 3



MIPARITAKA SY ZARAINA MANERANA NY FARITRA

JEAN KELY SY BASTH 2

VOARAKITRA HO BOKY NY TANTARANY SY NY TONONKIRANY

MFM 2

"MAIKA NY FANOHIZANA NY FANELANELANANA"







Jean Kely sy Basth

# Voarakitra boky ny tantarany sy ny tononkirany

*I Jean kely ihany no nanoratra sy nanatontosa ity boky ity ka 2 taona no namolavolany azy vao tonga amin'izao endriny ankehitriny izao.*

Dimapolo taona latsaka kely aty aoriana. Voarakitra boky ny tantaran'i Jean kely sy Basth ary efa miparitaka any amin'ny faritra misy azy aloha, izay vao hiparitaka manerana ny Nosy sy any ampitan-dranomasina. "La Légende vivante" no lohatenin'io boky io, izay misy pejy 60. Araka ny fanazavan'i Jean kely (Rakotonirina Jean Paul), naharitra 2 taona teo ho eo ny fotoana laniny nandrafetana io boky io. Nandalo fanitsiana intelo ilay boky vao afa-po izy ka izao navoaka boky izao. "*Efa ela no nokasaina havoaka ny boky satria eto amintsika matetika efa maty vao Ramalala. Koa dieny fahavelomako izao dia avoakako ny tantaran'ny fiainako mba ho hitan'ny malagasy rehetra maneran-tany*", hoy izy. Antony voalohany, fa faharoa, nambarany fa hanjakazakan'ny piraty ny hira, ka naleony niditra amin'ny famarotana boky indray aloha. Sarotsarotra kokoa ho an'ny tontakely ny manao piraty boky araka ny fahitany azy.
Ankoatra ny tantarany, dia voarakitra an-tsary sy antsoratra ao anatin'ny boky ny fiarahany tamin'ireo namana akaiky sy nifanerasera taminy teo amin'ny tontolon'ny mozika. Anisan' ny misongadina amin'izany i Basth, izay niara-niriaria akaiky taminy. Teo koa ireo olobe namolavola azy ho lasa lavitra teo amin'ny zavakanto (Etienne Ratsiraka 'Discomad" ; Jean François Décommarmand ; Dida Feon'Ala ; Mara Armand mpikarakara festival) ; sy ireo artista malaza amin' izao fotoana izao.
Maromaro ireo nanampy azy tamin'ny fandrafetana ity boky ity, na avy eto antanindrazana na avy any ampita ka anisan'ireny ny Ben'ny tananan'i Toamasina.

**Fy**

Taekwondo WT - Ligin'Analamanga

# Tafaverina ho filoha i Franck Tiana

Tontosa omaly tetsy Andravoahangy, ny fifidianana izay ho filohan'ny ligin'Analamanga, ho an'ny taranja Taekwondo WT. Kandidà 2 no nifaninana tamin'izany, seksiôna 5 (Antananarivo renivohitra, Atsimondrano, Avaradrano, Ambohidratrimo ary Manjakandriana) no nandatsa-bato, ka lany ho filohan'ny ligy ny kandidà Rakotomanana Franck Tiana, izay nahazo vato 4 raha 1 kosa no azon'ny kandidà Rasolofo Herinirina Jocelyn, filoha lefitry ny ligy teo aloha. Fametrahana ireo klioba mba ho ara-dalàna no anisan'ny fanavaozana entin'ny filoha vaovao, mba hahafahan'izy ireny manana ny taratasy ara-dalàna sy ny kara-pilalaovana ho an'ireo atleta. Ankoatra izay, ny hamerina ireo klioba niala no asa miandry ny ligy, hoy hatrany ity filohany ity. Tsy adino fa vao maika hamafisina ho tsaratsara kokoa ny fiaraha-miasa amin'ny federasiona, hoy ingahy Franck Tiana saingy efa nampiomana sahady izy ireo fa tsy hitsahatra ny hiteny rehefa mahita zavatra tsy mety amin'ny fitantanana, satria ny hampandroso no tanjona. Tao anatin'ny taompiasany teo aloha, nanambara ity filohan'ny ligy ity fa efa nahatsangana seksiôna 3 izy ireo, ary hiezaka mbola hanampy izany. Toy ny mahazatra, nialohavana fanaovana tatitra ara-moraly sy ara-bola izany fivoriana narahana fifidianana izany, izay nahazo fankatoavana 100% tamin'ireo seksiôna tonga niatrika izany ny fomba fitantanana.Tsy ho ela dia hivoaka ny anaran' ireo olona handrafitra ny komity mpanatanteraka, iara-hiasa amin'ity filoha ity.




Lany fanindroany hitantana ny ligy ingahy Franck Tiana.

**Rabenaivo**

"Kanto Miranga"

# Hilalao an-tsehatra ny tantara "Ratompokolahy mbola velona"

Ny Kanto Miranga dia vondrona iray mivoy zavakanto ao Antsirabe Vakinankaratra noforonin-dRandrianoasy Ambinitsoa Sarah tamin' ny volana Jona 2023. Anisan'ny hetsika voalohany karakarain'ny Fikambanana ny hamelomana an-tsehatra ny tantara indray miseho mitondra ny lohateny hoe "Ratompokolahy mbola velona" nosoratan'i Ilo Sederamanana. Ny Sabotsy izao amin'ny 2 ora tolakandro ao amin'ny FOKRIFA Antsirabe ary no fotoana omen'izy ireo ny mpankafy tantara malagasy izay nosoratana Malagasy ho an'ny Malagasy. Ho avy hamelona ny tantara miaraka amin'izy ireo ry Christophe Rabearimanana sy Nirina ary Harilivah izay mpilalao tantara manana ny mpampiavaka azy amin'ny onjam-peo. Nambaran-dRandrianoasy Ambinintsoa Saraha, filohan'ny fikambanana Kanto Miranga fa ***"mizara telo ny tantara izay mitsinjara isaky ny 15 minitra eo ho eo. Raha fintinina dia mitantara fiainana ramatoa jilajila iray nanambady lehilahy izay noheveriny fa olomody. Nolazoan'ny aretina mantsy io Rangahy io ka saika hitavandra harena fotsiny no paikan-dRamatoa. Eo anoloan'izany no isehoan'ny tovolahy iray manohitra fakam-panahy eo anatrehan'ny fitiavan-dRamatoa azy".*** Mahatsikaiky, mampihomehy, mampangitakitaka ny tantara ary mitondra hafatra ihany koa ary rahavahan'ny hirahira sy dihy isan-karazany.
Ny Kanto Miranga moa araka ny maha kanto azy dia mivoy sy manandratra avo ny talenta malagasy toy ny dihy malagasy, kalo, tononkalo, kabary, dokambarotra fanentanana, tantara an'onjampeo, horonantsary, manao fandaharana an'onjampeo toy ny hatsikana. Ankoatra izay dia afaka miara-miasa amin'ny sehatra maro tsy ankanavaka ihany koa izy ireo.



Ny Kanto Miranga araka ny maha kanto azy dia mivoy sy manandratra avo ny talenta malagasy.

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Tiako ny miaina lavitra ny adin-tsaina sy andosirantebiteby. Tsy mikendry ny halaza na ho mpanam-bola be, la fiainana milamina ampoky ny hasambarana, izay no ataoko ho rehareha. »
Ny Vetso (07.O4.06)
(«Je veux vivre ma vies sans stress ni soucis.
Je ne veux pas être célèbre ou riche.
Je veux juste être heureux (-se).»)

Jacques Rabemananjara 110 taona

# Mikarakara hetsika fampahafantarana ny Mpariaka

Ny sabotsy voalohan'ny taona vaovao io. Hisy hetsika fampahafantarana mahakasika an'ilay boky momba an'i Jacques Rabemanajara. Boky nosoratan'i Dominique Ranaivoson ary karakarain'ny Mpariaka Boky. Ao amin'ny trano famakiam-boky Monisipaly Analakely no hanaovana izany. Hasain'izy ireo manokana amin'izany i Elie Ramanankavana, mpanao gazety ara-kolontsaina. Hanao famelabelaran-kevitra mahakasika ity boky ity. Ho resahana amin'izany indrindra ny fifandraisan'ny tantaran'ity mpanoratra ity sy ireo poezia nosoratany.
Eo koa ny fifandraisan'ny fiainana ara-politika an'ity mpanoratra ity sy ireo asa sorany. Hisy ihany koa moa ny fotoana hihainoana an'ireo poezia ireo mandritra ity hetsika ity mba ho ren'ny rehetra.
Ho varotana amin'ny vidiny mirary koa io boky io, mandritra ity hetsika ity. Hanomboka amin'ny 10 ora ny fotoana ary maimaipoana ny fidirana. Marihina fa tafiditra anatin'ny fankalazana ny faha-110 taona an'ity mpanoratra ity izao hetsika izao.

**Tanya**


## PUBLICATION

En exécution de la Grosse de l'ordonnance n° 230 du 19 Décembre 2023, Monsieur LAY Lionel Aranud domicilié à Antanantsaripaty-Vatomandry est autorisé à faire la publication du jugement civil n° 273 du 24 Octobre 2023 rendu par Le Tribunal de Première Instance de Vatomandry dans un journal quotidien national dans l'affaire l'opposant à LEON Lay Sant.

LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR
COUR D'APPEL DE TOAMASINA
TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE DE VATOMANDRY
NATURE DE L'AFFAIRE : PRESCRIPTION ACQUISITIVE
JUGEMENT CIVIL SUR REQUETE N°273 DU 24 Octobre 2023
PROCEDURE N°127.RG/23

REQUERANT : LAY Lionel Aranud domicilié a Antanantsaripaty-Vatomandry ;
REQUIS : LEON LAY Sant domicilié à Vatomandry ;
COMPOSITION DU TRIBUNAL
Président : Madame RANDRIAMARO Arnique Achinel
Greffier : Maître RANAIVOSON Fitolahy Vatosoa
PAR CES MOTIFS ;
Statuant publiquement, contradictoirement à l'égard du demandeur en matière civile et en premier ressort ;
Répute toutefois contradictoire à l'égard du défendeur le présent jugement ;
Vidant le jugement Avant-Dire Droit n°185 du 18 Juillet 2023 ;
En la forme : Reçoit la requête ;
Au fond : La déclare fondée ;
-Y fait droit ;
-Constate au profit de Monsieur LAY Lionel Arnaud l'accomplissement de la prescription acquisitive contre les droits du défendeur sur un terrain d'une contenance de 05. A.65. Ca dépendant de la propriété dite "Villa VICTOIRE" TF n° 940-BI sise au Fokontany Antanantsaripaty-Vatomandry, Commune Urbaine et District de Vatomandry ;
-Ordonne en conséquence, l'inscription de son nom sur le titre foncier précité ;
-Autorise Madame Le Conservateur de la propriété foncière de Vatomandry à lui délivrer un nouveau duplicata du titre foncier y afférent en qualité de propriétaire ;
-Déclare nul et sans valeur, entre les mains de tout détenteur le duplicata également délivré avant ;
-Laisse les frais de l'instance à la charge du demandeur ;
Ainsi jugé et prononcé en audience publique, les jour, mois, an que dessus et la minute du présent jugement a été signée par Le Président et Le Greffier.
Aucune voie de recours ne sera recevable, passé le délai d'un mois à compter de la date de la présente publication, majorée du délai de distance en cas de besoin.
GCL000710



**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél : 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
D.L.I : 16 456 - 12 - 23
Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

### Lasopy tongolo be

**Zavatra ilaina :** Tongolo be 4 tetehina madinika, 100gr fromage râpé,-20gr dobera, lafarinina 1 sotro fihinanana, 1 L ranon-dasopy tsy misy ventiny.
**Fikarakarana azy:** rehefa voatetika ny tongolo dia endasina amin'ny dobera ho mendimendy, arotsaka ny "la farine", harohoroy 30 sekondra, arotsahy ny ranon dasopy, ( raha tsy misy ankizy dia ampio divay fotsy 1 vera) ketreho 30mn dia vita. Aroso amin'ny mofo grillé dia asio ilay fromage râpé eo amin' ny mofo sy anaty lasopy rehefa hihinana azy. Azo atao fanokafam-bavony tsara ihany koa izy ty.

Fambolena

# Miparitaka manerana ny faritra ny fizarana masomboly sy zezika

Mba hampitomboana sy hanatsarana ny vokatra mba hahatonga antsika hahavita tena ara-tsakafo, mizara masomboly voafantina sy hanam-pamokarana ny ministeran'ny fambolena sy fiompiana. Tamin'izany, nisy ny fizarana masomboly, zezika NPK, zezika biolojika. Tao amin'ny Kaominina Malaimbandy, distrika Mahabo ny fizarana ireo hanam-pamokarana tao amin'ny faritra Menabe olona 82 no nisitraka izany ka ny ankamaroan'izy ireo mpamboly voanjo. Nisy ny fizarana masomboly voanjo 2 296kg, zezika NPk 1 640kg ary zezika biolojika 8 200kg. Nisy 7 kosa ny isan'ireo mpisitraka tamin'ny sehampihariana vary andrano ka notolorana masomboly vary 924kg, ary zezika NPk 660kg sy zezika biolojika 3.300kg. Efa nisitraka izany ihany koa ny distrikan'i Soavinandriana niaraka tamin'ny tetikasa PURPA volibe 2023. Kaominina telo manodidina no voakasik'izao fitsinjarana izao ka anisan'izany Soavinandriana, Amberomanga ary Masindray. Misy 104 ireo mpisitraka ka nisy ny masomboly 2 348kg, NPK 4 084 ary Zezika biolojika 9 700 kg nozaraina. Ao anatin'izay tetikasa Purpa izay ihany, nisy ny fitsinjarana ny kit PURPA Grande saison ho an'ny kaominina Analavory, distrikan'i Miarinarivo. Tonga nanatrika ny fotoana ny lefitry ny Ben'ny tanàna sy ny solontenan'ireo sefompokontany ao anatin'ny kaominina. Nifarimbona tamin' izany ny ekipa CIRAE/ DRAE sy ny FDA Itasy. Mahatratra 41 ireo mpisitraka izay nahatratra 1004 kg ny masomboly nozaraina, zezika NPK 5 356kg ary zezika organika 4 000kg. Tao amin'ny distrikan'i Miandrivazo kosa, mpamboly 154 avy ao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Ambatolahy no nisitraka masomboly voanjo 4 312kg, zezika Npk 3 080 ary zezika biolojika 15 400kg. Nisy ihany koa tantsaha 183 nozaraina masomboly vary sy voanjo ary zezika. Santionany ihany ireo fa mbola nisy ny tany Ankazoabo, Ste Marie, Tsaratanana sy ny maro hafa. Raha tiana tokoa mantsy ny hampandroso an'i Madagasikara, ny tantsaha no tokony ho



**Fizarana masomboly, zezika tany amin'ny Distrikan'i Miandrivazo, Faritra Menabe.**

tohanana voalohany mba hahafahany mamokatra ho ataon'ny malagasy sakafo sy hamidy raha misy ny ambim-bava.

**Nath**

Ankadilalana

# Tapaka isaky ny telo andro ny rano, mijaly ireo mpanjifa



**Na mandeha aza ny rano dia tsy maintsy mandany fotoana ihany koa ny fahazoana azy eto an-drenivohitra.**

Ny Fokontany maro eto Antananarivo dia samy manana olana amin'ny rano fisotro madio sy ampiasana ao an-tokantrano nandritra ny volana vitsy izay. *"Tapaka isaky ny telo andro ny rano ety aminay ka raha hanasa lamba ohatra ny faran'ny herinandro dia efa tsy maintsy manangona rano amin'ny sinibe sy bidons maro vao manana rano ilàna ao an-tokantrano. Mijaly rano izahay mpanjifa ary efa nandritra ny volana vitsy no niaina an'izany. Hatreto izahay tsy mba mahazo fampandreneseana hiomanana fa rehefa mandeha ny rano dia tsy maintsy miezaka manangona rano izay farany betsaka indrindra aloha"*, hoy Rtoa Marie, Renim-pianakaviana monina eny amin'ny Fokontanin'Ankadilalana taminay omaly. Raha ny fanampimpanazavana azonay hatrany, na mandeha aza ny rano dia tsy mandeha mafy ny paompim-pokonolona fa miadana sy mandany fotoana maro ihany koa ny fatsakana azy. *"Ny voatsikaritray rehefa manomboka miha-mazava ny andro ary manomboka mampiasa rano ny olona no miha-mihena tsikelikely ny rano mandeha amin'ny paompy. Tapaka tanteraka izany rehefa atoandro iny ary tsy miverina indray raha tsy efa alina"*, hoy hatrany Rtoa Marie taminay.

**Fahazarana**

Ho an'ireo manana rano ao an-tokantrano dia efa avela hisokatra eo tontolon'andro sy mandritra ny alina ny paompy ary efa tatazana amin'ny sinibe mba ahafahana manangona rano misimisy kokoa mandritra ny fotoana mampandeha ny rano. *''Efa lasa tsy olana aminay intsony indray aza na mandeha ny rano na tsia satria dia efa fahazarana ny manangona rano amin'ny sinibe be maromaro izahay, no sady tsy maintsy fenoin' ny zanako rano avokoa ireo bidons rehetra ao an-tranonay"*, hoy kosa ny Raim-pianakaviana iray. Mbola nohamafisin'ity farany fa isaky ny misy ny delestazy dia matetika tapaka ihany koa ny rano, na dia efa saika isan'andro aza no misy ny fahatapahana herinaratra. Raha araka ny ''Multiple Indicator Clusters Surveys" na MICS 2018 dia manodidina ny 41 isanjaton' ny Malagasy monina antanan-dehibe ihany no nanana fahafahana nampiasa rano fisotro madio tamin' ny taona 2018 ka ny Jirama no niantoka ny famatsiana rano an'ireo mpanjifa rehetra manerana ny Nosy.

**HAR**


**PUBLICATION**

En exécution de la grosse de l'ordonnance n° 101 du 08 Mai 2023, M. MOHAMAD Rafik Mehmoone, domicilié à Tanamborozano Mahanoro, est autorisé à faire la publication du jugement civil n° 099 du 05 Juillet 2022 rendu par le Tribunal de Première Instance de Vatomandry dans un journal quotidien national dans l'affaire l'opposant à GERTRUDE Presto.

LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR
COUR D'APPEL DE TOAMASINA
TRIBUNAL DE PREMIERE INSTANCE DE VATOMANDRY
JUGEMENT CIVIL SUR REQUETE N° 099 DU 05 JUILLET 2022
PROCEDURE N° 040.RG/21

NATURE DE L'AFFAIRE : Prescription acquisitive
REQUERANTS : KATIJAN Moolan, FATMA Biby Moolan, MEHEMOOD Moolan Rozmine Banon, Moolan Saleah Banot, tous domiciliés à Tanamborozano Mahanoro, représentés par MOHAMAD Rafik Mehmoone ;
REQUISE : GERTRUDE Presto, domicilié à Mahanoro ;
COMPOSITION DU TRIBUNAL
Président : Mme RANDRIAMARO Arnique Achinel
Greffier : Maître RANAIVOSON Fitolahy Vatosoa
PAR CES MOTIFS
Statuant publiquement, contradictoirement à l'égard des demandeurs en matière civile et en premier ressort ;
Répute le présent jugement contradictoire à l'égard du défendeur ;
Vidant le jugement avant-dire droit n° 156 du 14 Septembre 2021 ;
En la forme : Reçoit l'assignation ;
Au fond : La déclare fondée ;
- Y fait droit ;
- Constate au profit de KATIJAN Moolan, FATMA Biby Moolan, MEHEMOOD Moolan Rozmine Banon, Moolan Saleah Banot l'accomplissement de la prescription acquisitive contre les droits du défendeur sur une parcelle de terrain d'une contenance de 06 ares 95 ca, sise à Tanamborozano, Fokontany dudit, Commune Urbaine et District de Mahanoro, dépendant de la propriété dite "CLARA" TF n° 575-BI sise à Mahanoro, Fokontany dudit, Commune Urbaine et District de Mahanoro d'une superficie de 06 ares 95 ca ;
- Ordonne en conséquence, l'inscription de son nom sur le titre foncier précité ;
- Autorise M. le Conservateur de la Propriété foncière de Vatomandry à lui délivrer un nouveau duplicata du titre foncier y afférent en qualité de propriétaire ;
- Déclare nul et sans valeur, entre les mains de tout détenteur le duplicata également délivré avant ;
- Laisse les frais de l'instance à la charge des demandeurs.
Ainsi jugé et prononcé en audience publique, les jour, mois et an que dessus et la minute du présent jugement a été signée par le Président et le Greffier.
*** Aucune voie de recours ne sera recevable passé le délai d'un mois à compter de la date de la présente publication, majoré du délai de distance en cas de besoin.

GCL000771


Antanambao Andranolava - RN4

# Tapaka manomboka amin'ny 10 ora alina ny lalana

Misy asa fanamboarana mandeha any amin'ny lalampirenena fahefatra, na ny RN4. Araka ny fampilazana tamin'ny fomba ofisialy nataon'ny Minisiteran'ny asa vaventy omaly, dia tapaka amin'ny 10 alina ka hatramin'ny 4 ora maraina ny lalana ao Antanambao Andranolava manomboka ny alakamisy 28 desambra 2023 ka hatramin'ny alakamisy 4 janoary 2024. Ny fanoloana ireo tsivalam-by handehanana tsy maintsy atao eo amin'ireo tetezamby any amin'ny teboka kilometrika PK 498+400 sy PK 505+000 no anton'izany. Hisy ny fanelingelanana sy fikorontanana aterak'izany ho an'ireo mpampiasa ny lalam-pirenena fahefatra, ka niangavy ireo mpampiasa lalana ny Minisitera mba hanaraka ireo toromarika omen'ireo tomponandraitra eny an-toerana.



**Maro ireo mpandeha mamonjy ny renivohitr'i Boeny. (Tahirin-tsary)**

*Tsy maintsy soloina ireo tsivalam-by amin'ireo tetezana roa ao Antanambao Andranolava.*

**Be mpampiasa**

Anisan'ny be mpampiasa ny lalam-pirenena fahefatra. Nahitana taratra izany ny fahamaroan'ny olona mifamezivezy eto Antananarivo sy Mahajanga, indrindra fa ny mankany amin'ny renivohitr'i Boeny iny, herinandro vitsy talohan'ny krismasy ary mbola mitohy mandraka ankehitriny. Mamonjy fianakavina avokoa ny ankamaroan'ireo mpiasa sy mpianatra rehefa amin'ny fetin' ny faran'ny taona toy izao. Maro ihany koa ireo mpanao varo-mandeha miakamidina mitondra entana amidy. Izany indrindra no antony iray nahatonga ny tobim-piantsonana eny Andohatapenaka nampiakatra ny sarandalana mihazo an'i Mahajanga ho 60 000 Ar hatramin'ny tapaky ny volana janoary 2024 ho avy izao raha 50 000 Ar amin'ny fotoana mahazatra.

**R. Muray**


**PETITES ANNONCES** *Gazetiko*

**MIVIDY**

* Lamba, kiraro, poketra, lakozia, kilalao, debara, fanaka. Tél : 034.61.958.82 / 032.52.755.16. (G-BA 708/20-8)

**FAMPIANARANA**

* Fampianarana manety lehilahy « coupe homme ». 5 andro monja. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 703/20-18)

**VIDANGE**

* Vidange wc : débouchage, nettoyage, puisard. Tél : 033.64.965.79 / 034.19.333.09. (G-BA 701/20-18)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 709/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 709/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 709/6-1)

Tsaramasay

# Voatifitra teo amin'ny lohany ilay mpamongady

Nihorohoro ny mponina teny amin'ny manodidina an'i "*double Poteau*" Tsaramasay Ankazomanga ny harivan' ny Talata teo, tokony ho tamin' ny 6 ora sy sasany. Nisehoana fanafihana mitampiadiana teny an-toerana. Tompon'ny "grossiste" iray no naratra mafy voatifitra teo amin'ny lohany. Voaroba ihany koa ny vola, izay tsy voafaritra mazava ny totaliny. Telo lahy nitondra basy sy antsy no nandray anjara tamin'ilay asa ratsy. Nandositra niditra elakelantrano lalana mivoaka eny Ankazomanga iny izy ireo taorian'ny fanafihana. Tsy nisy sakantsakana fa afanitsoaka soa aman-tsara. Ny mponina teny an-toerana rahateo toran-kovitra rehefa nahare ny feombasy.

**Fisafoana**

*"Tsy nisy sahy nivoaka ny trano na nanohitra akory, noho ny tsy fitovian'ny hery teo amin'ireto jiolahy ireto sy ny fokonolona. Rehefa nandositra ireto tsy matahotody vao nanao ny vonjy aina, nanavotra an'ilay tompon'ilay "grossiste" ny rehetra. Nisy ny tsara sitrapo nibata azy avy hatrany ka nitondra azy tamin'ny môtô, ho any amin'ny hopitaly ary efa nahazo fitsaboana sahaza azy izy ka tsy nisy ahiana" :* hoy ny fanazavana. Nilaza ny tompondraikitry ny fokontany ao Tsaramasay fa misy ny ezaka ataon'ny mponina hiadivana amin'ny tsy fandriampahalemana. Miaramiasa amin'ny mpitandro filaminana ireo vaomieran' ny fandriampahalemana manao fisafoana amin'ny alina, mba hametrahana ny filaminana. Na izany aza tsy kely lalana ny ratsy ka izao mbola miseho izao ihany ny fanafihana mitam-basy. Efa mandeha ny fikarohana an' ireo nahavanon-doza. Andrasana ny vokany.

**Deyland**

Antsirabe

# Lehilahy notsindronina lefona tao an-tranony

Lehilahy iray no nokasain'ny jiolahy ho vonoina tao antokantranony tany amin'ny tanànan'Analakely fokontany Tsararavaka ao anatin' ny kaominina Andranomanelatra, distrikan'Antsirabe faharoa ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 9 ora alina. Vokany : naratra teo amin'ny tarehiny izy ary voatsindrona lefona teo amin'ny tratrany havia. Araka ny fanazavana azo dia efa-dahy no niditra amboletra tao an-tranony tamin'io alina io. Mbola tsy nihidy rahateo ny varavarana ka avy dia nibosesika nankao izy ireo. Vantany vao tafatsofoka tao ry zalahy ka nahita ny tompontrano natory teo ambony fandriana tonga dia handeha hanatsatoka antsy azy ny iray tamin'ireo olondratsy. Tazan'ilay voatafika tampoka anefa izy tamin'io ka nodakany.



Tsy mandry fahalemana ny tanan'Andranomanelatra.

**Tsy naka na inona na inona**

Dia nokapohin'ny roa lahy mpanafika tamin'ny bois rond ihany koa ralehilahy saingy niaro tena izy satria voarainy io hazo io ka nikapohany an'ireo jiolahy nanafika azy. Farany moa dia notsatohan'ny dahalo iray tamin'ny lefona izy ka naratra. Vao vita izay dia lasa nitsoaka ireo olondratsy fa tsy nitaky na naka zavatra tao amin'ilay trano na vola izany na entana. Ny hamono an'ilay lehilahy fotsiny araka izany no tena tanjon'izy ireo. Tsy fantatra aloha hatreto izay antony tena saika hamonoana azy. Efa namonjy toeram-pitsaboana ilay naratra taorian' izay. Efa nampandrenesina ny zandary avy ao Andranomanelatra ka taorian'izay dia nandeha nidina ifotony tany an-toerana nanao fizahana izy ireo. Mitohy ny famotorana sy fikarohana.

**T.H**

Halatra taxi-môtô tany Ambanitsena

# 2 lahy nidoboka am-ponja

Nitohy hatrany ny famotorana mikasika ny fandrobana taxi-môtô niseho tany Ambanitsena tany amin'ny lalan-tany anelanelan'ny tanànan'Ambatolampikely sy ny tanànan'i Malaza, ao anatin'ny fokontany Ambohidralambo any amin'ny kaominina Ambanitsena, distrikan'i Manjakandriana ny 5 desambra lasa teo. Taorian'ny fakana ambavany nataon'ny zandary an'ireo voarohirohy dia natolotra ny fampanoavana ny raharaha ka nanapa-kevitra ny mpitsara hampiditra am-ponja vonjimaika ny roa lahy izay voalaza fa nanatanteraka ny fandrobana. Nahazo fahafahana vonjimaika kosa ireo ambiny mandra-pahatonga ny fotoam-pitsarana azy ireo. Raha tsiahivina dia roa lahy no nandroba ilay taxi-môtô sy ny taratasiny tany amin'io toerana voalaza etsy ambony io.

**Voasambotra ny atidoha nikotrika**

Taorian'ny fametrahana fitoriana teny amin'ny zandary nataon'ny tompon'ny môtô dia nandeha ny famotorana ary ny 18 desambra no fantatra fa misy mampiasa eny Analakely ilay kodiaran-droa. Nandeha teny an-toerana ny zandary ka roa lahy nividy ilay môtô halatra no tratra teny. Nitohy hatrany ny fikarohana ka voasambotra teny Analakely ihany koa ny atidoha nikotrika ilay halatra ary ny 20 desambra no sarona ny namany iray. Nandritra ny fisavana ny tranon-dry zalahy ireo dia nahitana taratasy môtô maro tao. Nentina natao andrimaso sy famotorana tany amin'ny biraon'ny zandary ireo voasambotra taorian'izay. Dia io niakatra fampanoavana io ny raharaha ka naiditra am-ponja vonjimaika ny roa lahy tamin'izy ireo.

**T.H**

Ambato Boeny

# Dahalo iray maty voatifitry ny zandary

Raikitra ny fifampitifirana teo amin'ireo dahalo andaniny sy ireo mpitandro filaminana ankilany. Vokany : maty voatifitra tamin'izany ny dahalo iray izay voalaza fa anisan'ny raindahiny. Tany Madirovalo any amin'ny faritr'i Boeny no nisehoan'izany. Nisehoana fanafihan-dahalo tany antoerana ka rehefa nanao ny fanarahan-dia ny fokonolona sy ireo mpitandro filaminana dia nifankahatratra ny roa tonta. Dia io nisy io ny fifandonana rehefa teo amin'ny toerana roa kilometatra mivoaka miankandrefana ny tanànan'i Madirovalo fokontany Ambahivaha. Niantefa teny amin'ny dahalo iray ny bala ka nitarika fahafatesana ho azy izany. Tafaporitsaka ireo namany dimy hafa ka mitohy ny fikarohana azy ireo. Araka ny fantatra dia dahalo raindahiny mpangalatr'omby ao amin'ny kaominina Ankirihitra any amin'ny distrikan'Ambato Boeny ry zalahy ireo.

**T.H**

## TATSY SY TAROA

***#Lehilahy iray no hita faty nitsirara eo ambony vatolampy tao Amanantongona fokontany Ambohitrakanga kaominina Ambohimandry distrikan' Arivonimamo, ny teo tokony ho tamin'ny 5 ora hariva.*** Teo amoron'ny renirano ao Amanatongona ny razana. Tsy nahitana ratra na mangana ny vatany araka ny fizahana nataon'ny dokotera. Noho izany dia ahiana ho maty an-drano noho ny fiakaran'ny rano ity lehilahy ity. Misokatra ny fanadihadiana izay iandraiketan'ny zana-tobim-paritra Ambohimandry. Taorian'ny fizahana dia natolotra ny fianakaviany ny vatana mangatsiaka.

***#Nitrangana fanafihan-dahalo tao amin'ny tanànan'Ambaovy fokontany Kondy, Kaominina Ambanivohitra Antongo vaovao, Distrikan'i Morombe ny alin'ny talata teo.*** Dahalo miisa 5 mirongo basy sy famaky no tonga nanafika io tanàna io. Ramatoa lehibe iray no maty voatifitra vokatr'izany. Lehilahy iray kosa no naratra voafira famaky teo amin'ny lohany. Tsy nisy zavatra nangalarin' ireo dahalo Ireo. Mbola mitohy ny ara-dia hatramin' izao ka ho taterina eto ihany ny tohiny.

**Deyland**

Antananditra-Bongolava

# Fanafihan-jiolahy

Notafihin'ny jiolahy 9 mirongo basy ny tanànan'Antananditra, ao amin'ny faritra Bongolava. Nanapoaka basy ireo jiolahy ka tsy nisy nivoaka ny olona. Tokantrano iray no nidiran'izy ireo ka avy hatrany dia nitifitra izay hitany tao antrano izy ireo. Naratra mafy vokatr'izany ireto farany. Lasan'ireo jiolahy avokoa ny volamena, basim-borona, ary ny vola mitentina 3 tapitrisa Ariary, ary avy eo dia nitsoaka izy ireo. Araka ny vaovao farany moa dia manaraka fitsaboana ireo naratra mafy ary mbola tsy tratra ireo nahavanon-doza tamin'ity raharaha ity.

**Rablaise**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Karazany*




## Hatsikana an-tsary

*Itondray*




## Masoandro Miposaka

**Romana 11 : 33**

33 Endrey ny halalin'ny haren'Andriamanitra sy ny fahendreny* ary ny fahalalany! ny fitsarany tsy hita lany, ary ny lalany tsy azo fantarina! [* Na: ny haren'ny fahendren' Andriamanitra]

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Ny hofak' ondry no soa misavily, fa ny teny tsy mba soa misavily.**

La queue des moutons est bonne à être balancée, mais non les paroles (=disputes).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3135**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 5 | | 6 | 2 | | | 1 |
| | 7 | 6 | | 3 | | | | |
| | 9 | | | | | 2 | | 3 |
| | | | 5 | 4 | | | 9 | |
| | 4 | 2 | | | 7 | | | 6 |
| | | | | 8 | 1 | 4 | | |
| 6 | 5 | | | | | 7 | | |
| 4 | | | | 5 | 8 | | | |
| | 3 | 9 | | 1 | | 8 | | |

Valin'ny laharana **3134**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 6 | 7 | 2 | 8 | 3 | 4 | 5 | 1 |
| 1 | 5 | 4 | 7 | 6 | 9 | 3 | 8 | 2 |
| 8 | 2 | 3 | 5 | 1 | 4 | 7 | 9 | 6 |
| 6 | 7 | 5 | 4 | 9 | 2 | 8 | 1 | 3 |
| 2 | 1 | 8 | 3 | 5 | 6 | 9 | 4 | 7 |
| 3 | 4 | 9 | 1 | 7 | 8 | 2 | 6 | 5 |
| 5 | 3 | 1 | 9 | 4 | 7 | 6 | 2 | 8 |
| 4 | 8 | 2 | 6 | 3 | 1 | 5 | 7 | 9 |
| 7 | 9 | 6 | 8 | 2 | 5 | 1 | 3 | 4 |

Kabarin'ny Filoha faran'ny taona

# Miandrandra fisondrotan-karama ny mpiasa !

Andrasan'ny maro fatratra ny lahateny sy kabary firariantsoa hataon'ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina amin'ny faran'ny taona. Hiavaka kely ny amin'ity indray mitoraka ity satria dia vao lany tamin'ny fifidianana filoham-pirenena farany teo ny tenany. Amin'ny vanim-potoana tahaka itony, dia miandry valim-pitia avy amin' ny mpitondra ny vahoaka. Tafiditra ao anatin'izany ireo mpiasa amin'ny sehatra isan-tsokajiny izay misy azy ireo. Ireto farany izay miandrandra fisondrotan-karama miainga avy amin'ny lahateny ataon'ny Filohan'ny Repoblika. Ny zava-misy mantsy dia hita tato ho ato fa efa manomboka miakatra tsikelikely ny vidim-piainana, indrindra amin'izao fotoam-pahavaratra izao. Efa ela moa no niandrasan'ny mpiasa rehetra ny fampisondrotana ny karamany izay ain-dehibe iankinan'ny fiainany. Amin'izao fe-potoam-piasa faharoa ny Filoha Andry Rajoelina izao, dia hita ho mirona kokoa amin' ny fijerena ny sosialimbahoaka sy ireo marefo no tena ifotoran'ny politikany. Efa navoakany moa ireo andry telo lehibe ho entiny hampandrosoana ny firenena.

**Nanome toromarika**

Tamin'ny filankevitry ny minisitra farany teo ny Filohan'ny Repoblika dia efa nanome toromarika ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny ny amin'ny fijerena vahaolana momba ny sondrobidim-piainana. Tafiditra ao anatin'izany fifehezana ny fiakaran'ny vidim-bary tsy hidangana be loatra amin'ny alalan'ny fivarotana ny vary mora izay nafaran' ny fitondram-panjakana avy any ivelany. Eo koa ny fanaraha-maso ny fitotonganan'ny sandam-bola ankehitriny, ka hitondrana vahaolana maharitra hampiakarana izany. Ankoatra ny karama, dia azo antenaina ny hiresahan'ny Filohan'ny Repoblika momba ny fandaharan'asa izay ho tanterahany manomboka amin'ny taona vaovao ho avy. Tsy hadinon'ny Filoha ihany koa ny firarian-tsoa ho an'ny vahoaka, mba hanaovan'izy ireo fetin'ny faran'ny taona ao anatin'ny filaminana sy ny fitoniana.

**JUDD**

MFM

# "Maika ny fanohizana ny fanelanelanana"

27 desambra 1972 – 27 desambra 2023 ! Feno 51 taona omaly ny antoko naterika ny hetsika tamin'ny 1972 fantatry ny maro amin' ny hoe Mpitolona ho amin' ny Fandrosoan'i Madagasikara na MFM, izay notarihan'Ing. Manandafy Rakotoniriana. Tsingerin-taona tsy navelan'ireo Filoha Mpiara-mitantana ity antoko ity sy ny Komity Foibe nandalo fotsiny ka namoahan'izy ireo fanambarana nitondrany ny fomba fijeriny ny toe-drahara politika eto Madagasikara ankehitriny. Araka izany, milaza ho mahatsapa ireo lohandohan'ny mpisorona ireo fa mbola tsy tratra ny tanjona hatramin'ny androany ka tsy hihemotra amin'ny tolona efa natomboka izy ireo. Isan'izany ny fikatsahana ny Fanjakana tan-dalàna sy tsara tantana mba hiarahan'ny daholobe manajary sy migoka tombontsoa fa tsy vahoaka mitanatana vava miandry izaràna mamy fotsiny. Mifanindran-dàlana amin'izany, nanamafy ny antso niarahany tamin'ireo mpanao politika maro talohan'ireny fifidianana filoham-pirenena farany teo ireny ny antoko MFM tao anatin'io fanambarana navoakany io. Notsipihany manokana tamin'izany fa manoloana ny toe-draharaha politika mbola misahotakotaka ankehitriny dia maika ny fanohizana ny fanelanelanana tarihan'ny Filohan'ny Antenimierampirenena sy ny FFKM mba hisian'ny fifanarahana politika.



Ramasy Randrianirina, iray amin'ireo Filoha Mpiara-mitantana ny MFM mitaky ny hitohizan'ny fanelanelanana.

**Tsy anilihana**

Tanjona amin'izany, hoy hatrany izy ireo ny fanamafisana orina ny rafi-pitondram-panjakana hitondra filaminana sy fifampitokisana eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka. Ambonin' izany, miantso ny antoko politika tia tanindrazana rehetra mba hampandefitra ny ambom-po ka hiaramihevitra sy hiara-mamaritra ary hiara-misalahy hirosoana amin'ny fikaonandoha handraisan'ny rehetra anjara ny MFM. Isan'ny mila atao vaindohan-draharaha amin'izany, hoy hatrany izy ireo ny fandrosoana sosokevitra mikasika ny "lamimpifidianana tsy anilihana", enti-mandamina ny raharaham-pifidianana : filohampokontany, ben'ny tanàna, lehiben'ny Faritra, solombavambahoaka, loholona ary filoham-pirenena. Mikasika izay resaka fifidianana izay hatrany, nampahafantatra ny antoko Mpitolona ho amin'ny Fandrosoan'i Madagasikara fa handray anjara amin'ny fifidianana isan'ambaratongany hotanterahina eto Madagasikara izy ireo. "*Mijoro ny vato nasondrotry ny tany ankehitriny hilanja ny faneva hametraka ny foto-kevitra nijoroan'ny antoko hatramin'izay. Ny MFM dia handray anjara amin'ny fifidianana rehetra ho avy eo aorian'ny tetipandaminana ifampierana*", hoy ireo Filoha Mpiara-mitantana tarihan-dRamasy Randrianirina sy Rakotoarinosy Richard tamin'izany.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Misy mihetsiketsika... !

**Hanorana sa hanavandra? Io no sarintsarin-teny mahalaza ny fiandrasana ny ho tohin'ny zava-misy eo anivon'ny Jirama. Fantatra mantsy fa misy ampahan'ny mpiasa mihetsiketsika indray ao, izany hoe mikononkonona grevy. Ny antony izay somary mbola manjavozavo. Na izany aza dia misy ihany ny tsilian-tsofina nahafantarana fa mahasika ny fomba fitantanana ny orinasa, amin'ny ankapobeny. Tsiahivina anefa fa efa ekipa vaovao no mitantana ny Jirama, taorian'ny nanalàna tamin'ny toerany ny tale jeneraly teo aloha izay nahabe resaka ny zava-nitranga. Ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana izany dia ny hoe olana vaovao indray ve sa ilay teo aloha ihany no miverina? Ankoatra izay, ny fanontaniana goavana manitikitika ny saina dia ny hoe: Misy ifandraisany amin'izany ve ny fahatapahan-jiro maharitra sy matetika, saika amin'ny kartie rehetra eto an-drenivohitra sa antony hafa ? Maro ny fitarainana fahatapahan-jiro sy antsoantso ataon'ny isan-tokantrano, miparitaka eny amin'ny tambajotran-tsesasera eny. Heverina fa tsy mahagaga izany satria tsy vitan'ny hoe ao anatin'ny fety no miseho ny olana fa voaelingelina tanteraka ny fiveloman'ny ankamaroan'ny tokatrano. Tsy resahina intsony ny firongatry ny tsy fandriampahalemana noho ny jiolahy migalabona amin'ny asa ratsiny ao anatin'ny aizina. Ary ny tena mahavalalanina dia tsy vitan'ny mitombo ny kartie misedra fahatapahan-drano fa ny sasany mba mandeha dia ranom-potaka no mivoaka amin'ny paompy. Ny fahatapahan'ny jiro sy rano izay iarahan'ny rehetra manaiky fa sarotra ny hiresahana fampandrosoana, raha ireo aza mbola tsy ahitam-bahaolana**

Voahangy Rakotozafy

Madiva hifarana ny taona

# Andrasana fatratra ny famelan-tsazy avy amin'ny filoham-pirenena

Azo lazaina ho voahaja ny fahanginana ankatoky ny fety na nisy ihany aza fanehoan-kevitra miendrika pôlitika teny anelanelany teny. Fotoana ihany koa izao iandrasana fatratra ny didim-panjakana, mirakitra ny famelan-tsazy avy amin'ny filoham-pirenena izay andraikitry ny minisiteran'ny Fitsarana ny fampiharana azy. Rehefa miresaka famelantsazy dia mby an-tsaina avy hatrany ny fanontaniana hoe : Mba hahazo tombony amin'izany, amin'izao fiafaran'ny taona izao ve ny gadra pôlitika ? Izy ireo izay tsiahivina fa maromaro ihany no tafiditra am-ponja, noho ny fanehoankeviny ary ny ankamaroan'izy ireo dia na mpampaneno lakolosy eny amin'ny tambajotra sôsialy na mpomba ny mpanao pôlitika hafa tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra na nanelingelina tombontsoa. Misy ihany koa ny notanana vonjimaika any am-ponja noho ny lalana nisampana taty aoriana ka ahiana hamoaka tsiambaratelo. Na dia tsy fiampangana pôlitika mivantana aza no nanenjehina ny mpanao gazety Harry Laurent Rahajason sy Lola Rasoamaharo ; ny mpanao pôlitika Maherilanto Manandafy sy Berija Ravelomanantsoa dia maro ny mihevitra azy ireo ho gadra pôlitika. Toy izany koa i Nathassa Razafiarisoa sy Thomas Razafindramaka ary ireo olona nosamborina nandritra ny fihetsiketsehana nataon'ny kandidà 10 izay azo antoka fa samy miandrandra famelan-tsazy na dia mba ho fikatsahana fitoniana fotsiny.

**V.R.**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana :

Fanampiny :

Adiresy :

Nomerao C.I.N :

Tél. :



**AVIS DE MODIFICATION**

Suivant PV du 06/12/23 enregistré au Centre Fiscal III le 18/12/23 F°68 n°855 Vol AC 61.

L'assemblée des associés de la société DIANE ALICIA a décidé :

- Transfert du siège social

GCL707/1-1





**PRIERE AU SACRE CŒUR**

***Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.***

Dites cette prière 6 fois/jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré-Cœur pour faveurs obtenues.

G CL 708/1-1 28/12/23 P.J.

# VALIHA

**Avoakan'ny Fikambanan'ny Poety sy ny Mpanoratra Malagasy**
**Havàtsa-UPEM - Laharana 332 - 28 Desambra 2023**

*ANDALA-NOTSONGAINA*
*Atolotr'i Jacynthe*

2024
Ho taona rakotra hafaliana
Hafaliana hipariaka ka ho zina
Ho zinam-pahombiazana
Ety an-tanim-pamafazana
Tsy ho solafaka mamindra
Hotahian'ny Avo indrindra !

***VONINKAZO MAMY, 14 desambra 2023***

## DIAM-PENINA

**NY NOELINAY**



Ny noelinay, tsy mba hanim-pitoloha
na fararanon-kilalao
fa sira no ilaofana ilay ambina sosoa
tao am-bilany tao.

I Neny efa herinandro
nilamaka am-pandriana, fa tena tsy salama
Karama tsaka rano
no atao mahampy sakafonay sy i Mama.

Dadabenoely o !
efa voarainao ve ilay taratasy nosoratako ?
tsy mila kilalao aho, fa tokana ny hatako
Itondray fanafody hahasitrana an'i Neny
Dia noelim-pifaliana no ho tsapany sy reny.

***JACYNTHE, 25/12/2023***

**ORA IRAY MONJA**

Mba omeo ora iray
eo an-tsandrinao ry Ray
hialako sasatra
ho torimaso lafatra
hiatrehako ny onja
misamonta sy mafonja
Raha toa iray minitra
toa rano mora ritra
tsara fa ampio
ho ora iray anio.

Raha ora folo kosa
ataoko fa miavosa
ny manina toa ahy
hiala sasatra am-panahy
Koa tsy hidongy toerana
f'omeo izay fanaperana
na dia anio ihany
raha sitrakao izany
Hoy ity zanakao
miangavy, mitalaho
Amen!

***Iarimanana Malalasoa Véronique, 05/12/2023***

## MATOANDAHATSORATRA

**KRISMASY, KOLONTSAIM-PIRENENA**

Iverenanay ampahatsiahivina ny lahatsoratra nataonay teto amin'ny GAZETY VALIHA dimy taona lasa izay hoe : *vao avy nankalaza ny Krismasy ny rehetra isam-pirenena ny alatsinainy 25 desambra teo. Efa iaraha-mahalala fa tsy ny Kristiana irery ihany no mankalaza sy manome lanja io andro io isan-taona fa saika ny firenena rehetra maneran-tany mihitsy na ny mino na ny tsy mino ny maha zanak'Andriamanitra an'i Jesoa Kristy. Tsy mifidy sokajin-taona na lahy na vavy, na ny lehibe na ny kely, indrindra moa fa ny ankizy dia samy faly sy ravo avokoa amin'ny ankapobeny rehefa tonga ny Krismasy. Iraisan'ny olombelona rehetra ny fifaliana rehefa ny Noely no migadona, tsy azo hodian-tsy hita anefa ny fisian'ireo ory. Zava-misy tsy afa-miala amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona io satria izay fifanoherana izay no maha fiainana ny fiainana. Na izany aza anefa dia manana ny anjara fifaliany ihany izy ireny noho ireo ravaka hita maso mamirapiratra sy ireo hira krismasy re sy heno eny amin'ny tontolo an-dalam-be eny, raha ny isan-dRenivohitra sy tanàn-dehibe no lazaina amin'ny ankapobeny hatrany.*

*Andro isehoan'ny kanto ny andro Noely, hiram-pihobiana, hira, tonонkalo sy tantara no seharin'ireo mpanakanto, Poety sy mpanoratra isan-tokony avy amin'ny firenena samihafa na tandrefana na tatsinanana. Noho izany tsy kolontsain'ny mpino kristianina irery ny KRISMASY fa kolontsaina iraisampirenena mihitsy.*

*Maro ny asasoratra sy kanto voasoratr'ireo Mpanoratra sy Poety Malagasy mikasika ny fankalazana ny noely. Ao ireo tononkira masina efa voasoratra nanomboka tamin'ny nidiran'ny Kristianisma teto Madagasikara tamin'ny alalan'ireo misionera rehefa voadika tamin'ny teny malagasy ny Baiboly, ka vita printy ny taona 1835. Mampahatsiahy ireo "Kaonserta masina" nolalaovina tao anaty Rova tamin'ny vanim-potoana Kristiana. Hira, tantara maneho hatrany ny fahaterahan'I Jesoa Kristy no nifalian'ireo Malagasy tamin'izany.*

Ho an'ny Havàtsa-UPEM dia vao avy nandray mpikambana vaovao tamin'ny fivoriam-be farany ny 10 desambra teo ary hikaon-doha hamolavola ny tetikasa 2024 ny Birao mamarana asa rahampitso. Ho taom-pifidianana ireo Birao tokoa mantsy io taona ho avy hitsidika io na ho an'ny Foibe na ho an'ireo Sampana

Dia mirary antsika hahita fifaliana hatrany, hamarana ny taona 2023 sy hanomboka ny taona vaovao 2024 izay hirariana ho taom-pahasoavana, taom-pitahiana ho an'ny vahoaka Malagasy.

***Hajaina ANDRIANASOLO***

## DIAM-PENINA



**KRISMASY SAMBATRA**

Krismasy sambatra
Feno fifaliana
Izany mitambatra
Ho anao no irina.

Fiadanam-po
Lavi-panahiana
Fa teraka i Jesoa
Rohim-pirahalahiana.

Ny tahotra ho Fitia
Fa fiainam-pitokiana
Ny anilan'ny Mesia

K'izato fifaliana
Hoavy sy hofara
Ho hainao mizara !

***Hanitr'Ony, 25/12/2023***



## FANAZAVANA OHABOLANA

**« Rafotsibe miandry ombalahy ka manaraka ambokony »**

Fifanoherana miharihary no hita misongadina avy hatrany eto amin'ity ohapitenenana iray ity. Ny voalohany : Rafotsibe, enti-milaza fahosana ara-batana sy fahalemena amin'ny lafiny ankapobeny, fahanterana mangozohozo. Ny faharoa : ombalahy, manambara hery, tanjaka. Mifamadika tsy araka ny tokony ho lojikan-javatra anefa ny anjara toerana sy andraikitry ny andaniny sy ny ankilany. Ny osa sy ny malemy indray no miandry na miambina ny mahery sy ny matanjaka ! Vokany : "manaraka am-bokony", izany hoe tsy mahefa na afaka manao na inona na inona ilay "miandry" fa izay alehan'ilay andrasana no arahiny! Moa tsy ny mpiandry omby va no tokony sy ho afaka mibaiko na manery ny omby amin'ny lalana itondrana azy? Izay mihitsy aza no andraikitra ankinina aminy. Izany tokoa, saingy eto: "Rafotsibe miandry ombalahy ka manaraka ambokony". Ny hevitr'izany: hena-maso na ny fileferana tsy fidiny eo anatrehan'ny lehibe na ny heverina ho olona mahatahotra na manam-pahefana. Tsy vitsy tokoa ny mandraiki-dresy fotsiny eo anatrehan'ny "ngeza" mpanao ramatahora. Tsy tamin'ny andron'ny ntaolo ihany no nahitana toetra tsy mahomby toy izany fa mandraka ankehitriny koa amin'ny fiarahamonina misy antsika.

***RANJATOHERY Harilala***

## VAOVAOM-PIKAMBANANA

- ***Fandraisana mpikambana vaovao***

Tahaka ny isan-taona dia mandritra ny fivoriambe volana desambra no ihaonana amin'ireo olona maniry hiditra ho mpikambana Havàtsa-UPEM ka nahazo ny fankatoavan'ny vaomieran'ny teknika literera. Tamin'ny 10 desambra 2023 dia telo ambin'ny folo mianadahy no nanatevin-daharana ny fikambanana. Ireto avy izy ireo :

1- HANITRINIAINA Diamondra
2- RAFIDIMANANTSOA Dinaniaina Florence
3- RANDRIANASANDRATRINIAVO Valitiana Fabien
4- RAKOTONDRABARY Mino Fanantenana
5- ANDRIANTIANA Mendrika Nicolas
6- DUO NO-MI
7- RANDRIANARISON Tolojanahary Nomena Tsilavina
8- RAKOTONIRINA Maholiarisoa Patrick
9- DIMBISOA
10- RAKOTOZAFY Théophile Arsène
11- RASOANOTAHIANJANAHARY Maminiaina
12- RABEHASIMBOLA Augustin
13- RADONIAINA Andriantsilavina Setra Spydervan « SETRAX »




## VOAMBOLANA

**Papango :** (1) vorona mifaingo-bava, mpihaza.
*Oh. : Natao hitsikitsika hivahana, kanjo hay **papango** nipaoka ny zanak'akoho. (ohabolana)*

(2) teny niantsoana ny fiara mpanao anjoria amin'ny fitaterana olona (vanintaona 1980).
*Oh.: Lasan'ny **papango** avokoa ny olona ka nanjahatra ny fiarabe mpitatitra.*

**Rafoka :** toetran'ny zavatra mora vaky na mora simba.
*Oh.: Tsara tarehy ny vilia bakoly saingy tsy maintsy kenakenaina fa **rafoka** raha samy zavatra.*

**Sehotra :** Dodona izaitsizy.
*Oh.: Ny ankizy ange ankizy ihany, ka **sehotra** aoka izany ery hiseho rehefa fety ao an-tsekoly na voaomana na tsy voaomana tsara ny hatao.*

**Mingoso :** miteny ratsy ny tena amin'izay mahavoafady.
*Oh.: Efa fahazaran'ny tovolahy sasany mihitsy ny **mingoso** eo anatrehan'izao olona rehetra izao.*

***RANJATOHERY Harilala***

## AM-PERIMPANORATANA



### VONINKAZO MAMY

na RANDRIAMIRAHO Arivelo Vonintsoa Hortense, poeta, mpanoratra mpikambana nanomboka ny taona 1997, mpamoron-kira, mpihira, mpandika teny, mpampiofana.

***1- Lazao anay hoe ny fifaninanana nahazoanao loka farany teo?***
Fifaninanana tononkalo amin'ny teny frantsay nokarakarain'ny Les Champs secrets any Frantsa ilay izy. Nivoaka amboara tamin'ny volana oktobra lasa teo tany Le Havre ary efa azo atao sahady ny manjifa izany aty amiko.

***2- Havanana amin'ny famoronan-kira ihany koa ianao. Ilay tononkalo ihany ve no avadika ho tononkira ? Inona ihany koa ny asa soratra hafa ?***
Mahalana izany fa ny tononkira sy ny feony dia miaraka foronina. Manoratra tantara an-dampy, an'onjam-peo, tantara foronina sy sombintantara ary lahatsoratra famotopotoran-kevitra koa aho.

***3 - Rehefa manoratra i Voninkazo Mamy dia amin'ny teny malagasy sy frantsay ihany ve?***
Manampy ireo ny teny anglisy, alema ary espanola.

**GAZETY VALIHA**
**Mpanorina :** *Célestin ANDRIAMANANTENA*
**Talen'ny famoahana :** *Hajaina ANDRIANASOLO*
**Tonian'ny fanoratana :** *RAINIHAROMISA Fanjaniaina*
**Tonia mpanampy** *Itsipika RAMORAVELONA*
**Komitin'ny fanoratana :**
-RANJATOHERY Harilala
-RAZANAMPAMONJY Danielle
-RADOMANANTOANINA Tahirisoa
-RAHEZARISOA Sannie
**Foibe :** Tahala Rarihasina Analakely
**Tel.** +261 34 01 367 51
**Mailaka :** havatsa.upem@gmail.com

## IZANY MOA ...

***NY FANOMEZANA SOLOM-BODIAKOHO***

Ny fihavaozana na fivadihan'ny taona no antsoina hoe tonon-taona teo amin'ny ntaolo. Fiteny mahazatra ny taty aoriana mandraka ankehitriny kosa ny hoe taom-baovao. Nidify ny taona teo aloha. Migadona ny taona vaovao. Zava-nahatahotra ny fahiny ny tonon-taona noho izy naneloelo fahafatesana. Fihaonan'ny faran'ny vaniny iray sy ny lohan'ny vaniny iray hafa manaraka ny tonony: tonom-pary, tonon-taolana. Mby eo amin'ny fahafatesany tokoa mantsy ny taona hidify ary manangasanga kosa ny taona vaovao ho avy. Fifandimbiasan'ny fahafatesana sy ny fahavelomana ao anatin'ny fotoana voafaritra tsara eo amin'ny fizotran'ny fotoana ny hevitr'izany. Fahiny, mbola taloha elan-dRalambo (1575-1610), dia fomba fanaon'ny vazimba niatrehana ny tonon-taona ny nifaditra, izany hoe manao sorona (biby) hanalana na hisorohana ny ratsy na loza mitatao. Fototry ny fomba nantsoina hoe Fandroana izany, ho an'ny teto anivon-tany, izay efa nisy talohan-dRalambo, fa ity mpanjaka teo Ambohidrabiby ity kosa no nanorina azy ho fombam-panjakana nanomboka tamin'ny androny ary notohizan'ireo nandimby taty aoriana, hatramin'ny andron-dRanavalona III (1883-1897), mpanjaka farany tao Anatirova. Mbola mampialoalo ahiahy sy tahotra eo amin'ny fisainan'ny olona mandraka ankehitriny koa io fifandimbiasana tsy ihodivirana io. Izay no antony mahatonga ny maro mifampiarahaba hoe "tratran'ny farany e" rehefa mby amin'ny andro faran'ny taona. Arahina firariana hahatratrarana ny taona vaovao ny ampitson'io koa izany. Rehefa mby amin'io andro voalohany amin'ny taona vaovao io dia mifampiarahaba sy mifampirary soa ny rehetra fa nahadingana ny taona nidify ary tonga amin'ny taona vaovao. Fomba fiarahabana fahagolan-tany ny hoe "sambasamba Andriamanitra Andriananahary! Ho arivo tratry ny taona anie !" Ankehitriny kosa dia tsorina amin'ny hoe "tratry ny taona e!"

Fa lafin-javatra iray tena manamarika ny tonon-taona koa ny fifanolorana fanomezana. Tonga mamangy ny ray aman-dreny ny zanaka aman-jafy ary manolotra ny solom-bodiakoho. Ny ray aman-dreny kosa manome ny ankizy ny solom-penakoho, ankoatra ny vatomamy efa nomaniny ho an'ny rehetra. Misy heviny lalina izany fomba amam-panao izao. Ny fomba eto dia ny tolotra ho an'ny sokajin'olona voafaritra (ray aman-dreny, zanaka), ary ny fanao kosa dia ny fampiasana zavatra ho marika hita maso hanehoana ny tolotra. Tsy miova ny fomba, tahaka izay efa nisy tany aloha ela ihany ny fototra iorenany, fa ny fanao kosa no niova na natao hiova mihitsy koa araka ny fivoaran'ny fisainana sy ny fahazaran'ny olona ary ny fiainana amin'ny ankapobeny. Nahoana no solom-bodiakoho? Nahoana no natao ho tandrify ny ray aman-dreny izany marika izany? Iray lasitra sy lafi-pahendrena nentim-paharazana amin'ny vodiondry (ho an'ny rafozana) sy ny vodihena (ho an'ny mpanjaka) ny vodiakoho na solom-bodiakoho. Biby madinika fiompy sy fandrairay amin'ny andavanandro ny akoho. Efa zava-baventy sy nampiasaina tamin'ny fanatanterahana fomba manokana kosa ny vodiondry sy ny vodihena. Faritra lehibe sy tsara amin'ny biby ny vodiakoho, ny vodiondry, ny vodihena. Fanokanana zavatra tsara sy mendrika ho an'ny ray aman-dreny no hevitry ny fanolorana solom-bodiakoho azy. Hevitra fototra efatra no ilafihan'ny fanolorana solom-bodiakoho: 1° fanomezan-danja ny ray aman-dreny amin'ny maha izy azy; 2° fankatoavana ny ray aman-dreny; 3° fampitomboan-kasina ny ray aman-dreny (tandindon'io fitomboana hasina sy haja amam-boninahitra io ilay tsingy amin'ny vodiakoho); 4° firariana soa ho an'ny ray aman-dreny dia ny fahelana velona , ny fahanterana irosoan'ny ray aman-dreny mantsy no oharina amin'ny takarivan'ny fiainana na ny vodiandro izay italahoan'ny taranaka amin-Janahary mba ho lava. Tandrify ny ray aman-dreny amin'ny hevitry ny solom-bodiakoho ireny. Manana izay tandrify azy amin'ny hevitry ny fanolorana solom-bodiakoho koa anefa ny zanaka aman-jafy manolotra izany: firariana ny hahatonga ny zanaka aman-jafy mba ho tratra am-parany fa tsy sanatria ho folaka an-dantony. Farany, manolotra solom-penakoho ho an'ireo zanaka aman-jafiny ny ray aman-dreny. Firariana azy ireo mba hahita izay katsahiny eo amin'ny fiainan-koaviny izany, fa mbola ho lavi-dalan-kaleha sy hivezivezy hitady izay mahasoa izy ireo, ka tsofin'ny ray aman-dreny rano ho ambinina.

***RANJATOHERY Harilala***
***Mpikambana Mahefa ao amin'ny Akademia Malagasy***